### Marathon de Tana Jean De La Croix :

# nanavotra azy tamin'ny fiainana ny marathon

Rakotomalala Jean de la croix, 32 taona, manambady ary manan-janaka efatra. Mpihazakaza avy ao amin'ny klioban'ny Crown Antsirabe. Miavaka ity atleta malagasy ity, manana tantara hafa kely. Mpitarika posy ao Antsirabe no asa fiveloman'i Jean de La Croix. Teo amin'izay sehatry ny fitarihana posy izay no nipoirany teo amin'ny sehatry ny hazakazaka lavitr'ezaka. Nanomboka ny taona 2010 izy no niseho teo amin'ity taranja ity. Tao aorian'ny fifaninanana mpitarika posy no nanosika azy hiditra eo amin'ny marathon. Nanampy azy teo amin'ny fiainany ny marathon ary nahavitany zavatra maro toy ny trano sy ny fanaka sarobidy maro. Nanova ny fiainany tamin'ny ankapobeny araka izany ny atletisma. Afaka tamin'ny gejan'ny toaka sy sigàra ohatra ny lehilahy. Rakotondrasoa Fulgence, izay mpitarika posy toa azy ihany, no nitarika sy nandresy lahatra azy hitia ity taranja ity. Resy lahatra ny lehilahy ary niditra lalina amin'ny hazakaza lavitr'ezaka.

Na dia eo aza ny fifaninanana maro andraisan'i Jean de La Croix anjara, dia mitohy hatrany ny asa fitarihana posy ao Antsirabe rehefa tsy manomana fifaninanana. Ankehitriny, dia efa manana posy 4 izy ary lasa mpampiasa araka izany. Ankoatra ny tombontsoa arapiainana azon'i Jean de La Croix, dia nahitany firenena maro ny taranja foto tra atletisma toa an'i Maurice, La Réunion, Djibouti, Kenya. Olana ho an'i Jean de La Croix kosa, ny ftsy fahampiana ara-tsakafo rehefa manomana fifaninanana lehibe toy izao izy. Na izany aza, tsy kivy ny lehilahy ary mbola mieriteritra ny hanohy hatrany amin'ny faha-40 taonany.

**Nono R**



*Izy no Rakotomalala mpitarika posy*